

LOI N° 2001 - 004

**portant réglementation générale des Dina
en matière de sécurité publique**

EXPOSE DES MOTIFS

Les Dina ont toujours existé à Madagascar depuis les époques les plus reculées sous forme orale ou écrite. Ils avaient comme cadre institutionnel le Fokonolona : communauté humaine, spatiale et entité administrative.

Les Dina, conventions collectives typiquement malgaches, étaient considérés comme étant un ensemble de règles coutumières d'organisation de la société et, en tant que tels, ils ont été conçus comme l'émanation d'une réelle volonté populaire, et observés comme telle, car ils furent institués par ceux-là même qui en avaient ressenti le besoin.

L'importance numérique des Dina est considérable et leurs impacts d'une grande diversité varient d'une région à une autre à cause d'un manque d'homogénéité absolue des coutumes.

Certains Dina, élaborés dans le cadre de la politique du Gouvernement pour des mesures de sécurisation massives, ont dans leur principe presque éradiqué le fléau « DAHALO » (Dinan'i Toliary, Dinan'ny Fandriampahalemana, Dinan'ny Mpihary...).

Néanmoins, leurs applications ont présenté certains inconvénients : empiétement sur les compétences des autorités judiciaires, excès et abus perpétrés par certains dirigeants de Dina, enclin à la Loi du Talion : mise à mort des individus appréhendés...

A la suite de la recrudescence des divers actes de banditisme, les avatars de certains Dina qui sont allés jusqu'à prévoir des Vonodina extrêmes, exécution des coupables par exemple ou des dispositions jugées contraires à la légalité, ont entraîné des remous à leur égard, non seulement au sein de la population mais jusqu'au niveau des pouvoirs publics. Les Dina étaient considérés comme une profusion au niveau local de législations parallèles difficiles à contrôler.

Aussi, d'aucuns ont-ils souhaité leur abolition laissant ainsi les lois et règlements en vigueur jouer leur rôle.

Des arguments militent pourtant en faveur du Dina : les partisans soutiennent que le Dina soit la meilleure façon de renouer avec l'efficacité de l'organisation traditionnelle de la vie en société, la méthode la plus démocratique de responsabiliser la population des campagnes notamment en matière de sécurité publique et plus particulièrement pour lutter plus efficacement contre les vols de bœufs.

En outre, il est difficile de provoquer une rupture brutale avec des pratiques et traditions, tels que les Dina ancrés depuis de longue date dans la vie quotidienne de la population et

conformes aux principes de la démocratie, d'autant plus que les lois actuellement en vigueur leur reconnaissent une valeur certaine (cf entre autres, article 472, 7° et 8° du Code Pénal et article 36, 13° de la Loi n° 94-008 du 26 avril 1995 fixant les règles relatives à l'organisation, au fonctionnement et aux attributions des collectivités territoriales décentralisées). La légitimité du maintien des Dina doit alors être considérée comme juste et licite.

Pour prévenir tout excès ou abus, il faut néanmoins que les pouvoirs publics puissent contrôler les Dina en les intégrant dans l'ordonnancement juridique interne d'une manière expresse.

La présente Loi ainsi que le Dina lasitra y annexé vont dans ce sens. Ils ont été élaborés à partir des idées maîtresses et résolutions issues de six ateliers d'envergure provinciale, à raison d'un atelier par province, organisés dans le courant de l'année 1999 et d'un atelier d'envergure nationale qui s'est tenu les 27, 28 et 29 avril 2000 à Fianarantsoa, dans le cadre du renforcement des actions menées par le Gouvernement en vue d'améliorer la sécurité publique.

Ces ateliers ont vu la participation des différents responsables des cinq départements ministériels directement concernés par la sécurité publique, des différents responsables au niveau des Faritany, des Députés de Madagascar, des Maires et des Conseillers communaux ainsi que des « mpizaka dina » des zones concernées.

Les grandes lignes de la présente Loi et du Dina lasitra portent sur :

1. LA LOI PORTANT REGLEMENTATION GENERALE DES DINA EN MATIERE DE SECURITE PUBLIQUE :

1.1. Les dispositions générales : la définition du Dina, son contenu et son champ d'application territoriale ainsi que le vonodina.

1.2. Le régime juridique des Dina : le Dina est adopté à la majorité des membres du Fokonolona, âgés de 18 ans révolus, présents à l'assemblée générale lorsqu'il s'agit d'un hameau, d'un village ou d'un Fokontany.

Au niveau d'une commune, le Dina est adopté à la majorité des représentants désignés par l'ensemble des membres du Fokonolona de chaque hameau, de chaque village et de chaque Fokontany et ceux désignés par le Conseil de la commune parmi ses membres.

A l'échelon d'une sous-préfecture, d'une région, d'une province autonome, le Dina est adopté par délibérations concordantes prises par la majorité des représentants visés ci-dessus au niveau de la commune.

Dans tous les cas, le Dina ne devient exécutoire qu'après son homologation par le Tribunal judiciaire territorialement compétent.

La structure d'application du Dina : cette section précise qu'un comité appelé « Comité exécutif du Dina » est institué au niveau de chaque Fokontany, de chaque sous-préfecture et à chaque niveau des collectivités territoriales décentralisées ayant établi un Dina.

Les dispositions particulières des Dina relatifs au vol de bœufs : elles stipulent dans ce chapitre que les Dina relatifs au vol de bœufs s'appliquent au moins au

Fokonolona d'une sous-préfecture.

Des dispositions prévoient également des mesures préventives telles que la surveillance des passages obligés dits « kizo », l'alerte, le contrôle du « bokin'omby », l'exécution forcée du vonodina en cas d'opposition à la décision rendue par le Comité exécutif du Dina.

2. LE DINA LASITRA :

Le modèle type de Dina à annexer à la présente Loi portant réglementation des Dina en matière de sécurité publique prévoit les devoirs et obligations du Fokonolona en matière de sécurité générale (vol de bœufs, détention d'armes, ivresse publique, violations des tombeaux ou de sépultures, délit de destruction de culture, réglementation des marchés etc...).

La salubrité et la santé publiques n'ont pas été omises pour autant.

Enfin, les dispositions sur les vols de bœufs sont détaillées dans un assez long chapitre.

Tel est, l'objet de la présente Loi.

LOI N° 2001 - 004

portant réglementation générale des Dina en matière de sécurité publique

L'Assemblée nationale et le Sénat ont adopté en leur séance respective en date du 16 mai 2001 et du 27 juillet 2001, la Loi dont la teneur suit :

Chapitre I Dispositions générales

Article premier.- Le Dina est une convention collective présentée sous forme écrite, librement adoptée par la majorité des membres du Fokonolona âgés de dix-huit ans révolus ou selon le cas, de ses représentants désignés à l'article 6 de la présente Loi.

Article 2.- Le Dina édicte des mesures que la population concernée juge nécessaires à l'harmonisation de la vie sociale et économique ainsi que de la sécurité en fonction des réalités locales et pour la mise en oeuvre de ses attributions essentielles destinées à assurer l'éducation civique des citoyens dans le cadre d'une structure basée sur l'autogestion populaire de la sécurité, pour promouvoir le développement et le progrès social et instaure une discipline collective afin de préserver l'ordre et la sécurité publics.

Tout Dina doit être conforme aux lois et règlements en vigueur.

Dans tous les cas, le Dina applicable est celui du lieu où l'acte ou le manquement répréhensible a été commis.

Article 3.- La violation des règles édictées par le Dina entraîne l'application du VONODINA qui consiste en des réparations pécuniaires ou en nature au profit de la victime et du Fokonolona telles que prévues dans le Dina.

Chapitre II Du régime juridique des Dina

Section 1 De l'élaboration et de l'adoption des Dina

Article 4.- L'initiative des Dina appartient au Fokonolona et à ses représentants visés à l'article premier ci-dessus.

Tout groupement de personnes peut présenter un projet de Dina aux autorités locales compétentes pour être soumis au Fokonolona ou à ses représentants.

Article 5. Dans l'élaboration des Dina, le Fokonolona peut faire appel aux Elus, aux techniciens de l'administration territoriale, au Tribunal de l'ordre judiciaire et aux forces de l'ordre territorialement compétentes.

Article 6.- Au niveau d'un hameau, d'un village ou d'un Fokontany, le Dina est adopté à la majorité des membres du Fokonolona.

Tout Dina applicable au niveau d'une commune est adopté à la majorité des représentants dûment désignés par l'ensemble des membres du Fokonolona de chaque hameau, de chaque village et de chaque Fokontany et ceux désignés par le Conseil de la commune parmi ses membres.

Tout Dina applicable au niveau d'une sous-préfecture, d'une région ou d'une province autonome est adopté par délibérations concordantes prises par la majorité des représentants visés à l'alinéa ci-dessus au niveau de la commune.

Section 2 De l'homologation des Dina

Article 7.- Le Dina ne devient exécutoire qu' après son homologation par le Tribunal de l'ordre judiciaire compétent ou la Cour d'Appel ainsi que sa publication par voie d'affichage, de kabary ou par tout autre mode de publicité.

Article 8.- Dans les trente (30) jours suivant son adoption, le projet de Dina est transmis par les soins du Maire au Conseil municipal ou communal.

Le Conseil dispose d'un délai de quinze (15) jours à compter de la date de réception du projet de Dina pour émettre son avis et le transmettre au représentant de l'Etat.

Le représentant de l'Etat fait parvenir le projet de Dina assorti de son avis au Tribunal de l'ordre judiciaire territorialement compétent dans un délai de quinze (15) jours. Ce délai court à compter de la date de réception du projet de Dina.

Le dossier doit être communiqué au Procureur de la République pour ses conclusions écrites dans le délai de trois jours de sa réception au Parquet.

Article 9.- Le Président du Tribunal de Première Instance territorialement compétent ou le juge qui le remplace doit statuer suivant la procédure de référé.

Le refus d'homologation d'un Dina doit être motivé.

Dans tous les cas, les décisions du Tribunal territorialement compétent sont susceptibles d'appel.

Le délai pour interjeter appel est de un mois.

L'appel est jugé par le Premier Président de la Cour d'Appel qui doit statuer dans un délai de quinze (15) jours.

La décision n'est pas susceptible de pourvoi en cassation.

Le Dina homologué est déposé dans chaque village et au bureau du Fokontany pour être consulté par le public.

Section 3 **De l'application des Dina**

Article 10.- Un Dina régulièrement homologué s'applique immédiatement sans préjudice des poursuites pénales. Dans tous les cas, les actions en réparation civile sont indépendantes des actions pénales.

La procédure d'application du Dina doit être effectuée de manière contradictoire.

Toutefois, l'absence de l'une des parties résultant d'une mauvaise foi ou de la détention provisoire par décision du juge ne saurait faire obstacle au déroulement de la procédure d'application du Dina.

Article 11.- Aucune autorité administrative, judiciaire, autorité investie d'un mandat électif, ni membre des forces de l'ordre ne doit intervenir lors des délibérations du Comité exécutif du Dina.

En matière de réparation civile, le Tribunal territorialement compétent régulièrement saisi surseoit à statuer jusqu'à ce que le Comité exécutif du Dina prévu aux articles 15 et suivants de la présente Loi a vidé sa saisine.

Pour assurer le maintien ou le rétablissement de l'ordre public, le représentant de l'Etat territorialement compétent peut faire appel à la police nationale ou le cas échéant, requérir, dans les formes réglementaires, les unités de la gendarmerie et de l'armée stationnées dans sa circonscription .

Article 12.- En cas de refus d'exécution, le Comité exécutif du Dina notifie au(x) récalcitrant(s) qu'il sera procédé à l'exécution forcée du vonodina.

A cet effet, le représentant de l'Etat territorialement compétent requiert sans délai, dès qu'il aura reçu notification du refus d'exécution du Dina, les forces de l'ordre en vue de l'exécution forcée du vonodina.

Article 13.- En tout état de cause, toute forme de rétribution, de rémunération, de don en nature, demeure formellement interdite pour les autorités administratives, judiciaires, les Elus et les forces de l'ordre dans le cadre de l'application des Dina.

Celui qui aura reçu ou offert l'une des différentes formes des dons prévus à l'alinéa précédent sera puni de deux à dix ans d'emprisonnement et d'une amende obligatoire de 15.000 à 1.500.000Fmg.

Article 14.- Tout auteur d'actes ou d'omission volontaire destiné à entraver les opérations du Comité exécutif du Dina sera puni des peines prévues par l'article 400 paragraphe 3 du Code Pénal.

Tout détournement, toute destruction, toute aliénation des biens objet du litige, demeurent formellement interdits jusqu'à ce que le Comité exécutif du Dina ou le Tribunal a vidé sa saisine, sous peine des sanctions prévues à l'article 400 et suivants du Code Pénal.

Section 4 **De la structure d'application des Dina**

Sous-Section 1

Du Comité exécutif du Dina

Article 15.- Pour l'application d'un Dina régulièrement établi, il est institué au niveau de chaque Fokontany, de chaque sous-préfecture et de chaque collectivité territoriale décentralisée, un comité appelé Comité exécutif du Dina dans les conditions fixées par la présente Loi.

Selon le cas, ce Comité est chargé d'appliquer le Dina entre :

- membres du Fokonolona d'un même Fokontany ;
- membres du Fokonolona de deux ou plusieurs Fokontany d'une même commune ;
- membres du Fokonolona de deux ou plusieurs communes d'une même sous-préfecture ;
- membres du Fokonolona de deux ou plusieurs sous-préfectures d'une même région ;
- membres du Fokonolona de deux ou plusieurs provinces autonomes.

Article 16.- Le nombre des membres du Comité visé à l'article 15 ci-dessus est fixé par le Dina.

Article 17.- Pour la constitution des Comités exécutifs du Dina, le Fokonolona ou l'ensemble de ses représentants à chaque niveau visé aux alinéas 2 et 3 de l'article 6 ci-dessus procède à l'élection des membres du Bureau du Comité exécutif du Dina.

Le Bureau exécutif du Dina est composé de :

- un Président ;
- un Vice-Président ;
- un Trésorier ;
- un Vice-trésorier ;
- un Secrétaire ;
- des Conseillers.

Les membres du Bureau exécutif du Dina sont élus par et parmi les membres du Fokonolona visés à l'article 15 ci-dessus.

Une liste arrêtée par l'autorité administrative territorialement compétente constate l'élection desdites personnalités dont la durée du mandat est de un an renouvelable.

Sous-Section 2

De la procédure devant le Comité exécutif du Dina

Article 18.- Le Comité exécutif du Dina est saisi par une requête adressée au Président du Comité exécutif du Dina.

Cette requête est constatée par une inscription sur un registre ad hoc contre délivrance d'un récépissé au demandeur.

Article 19.- Les parties sont avisées, par convocation écrite du Président du Comité exécutif du Dina, quinze(15) jours francs au moins avant le jour fixé pour l'instruction de l'affaire.

Article 20.- L'assemblée générale statue dans un délai de huit (8) jours au moins et trente (30) au plus à compter de la date du récépissé.

Si l'assemblée générale n'a pas statué dans le délai fixé au précédent alinéa, le demandeur peut soumettre l'affaire au Tribunal de l'ordre judiciaire territorialement compétent, dans les cinq (5) jours qui suivent la date d'expiration dudit délai.

Article 21.- Le Comité exécutif du Dina tient un registre de délibération côté et paraphé par le Délégué Administratif d'Arrondissement ou le représentant de l'Etat territorialement compétent ou les Elus, et où sont consignés les procès-verbaux.

Une copie du procès-verbal est adressée au représentant de l'Etat, au Tribunal territorialement compétent, aux Elus et notifiée à chacune des parties.

Article 22.- Si l'une des parties s'estime lésée par la décision rendue par le Comité exécutif du Dina, elle peut présenter un recours devant le Tribunal judiciaire du lieu où les faits ont été commis dans un délai de quinze (15) jours à partir de la décision du Comité rendue contradictoirement ou à partir de la date de la notification de la décision rendue par défaut.

Le recours devant le Tribunal judiciaire territorialement compétent ne suspend pas l'exécution du vonodina.

Le Tribunal visé à l'alinéa premier ci-dessus statue en premier et dernier ressort dans un délai de trente (30) jours à compter de la date de réception de la requête. Les débats dirigés par le Président ont lieu au Chef-lieu du Fivondronampokontany après audition des membres du Comité exécutif du Dina, du représentant de l'Etat territorialement compétent et des Elus. A défaut de comparution du défendeur, le Tribunal statue sur pièces.

Sous-Section 3

Des règles de fonctionnement du Comité exécutif du Dina

Article 23.- Le Comité ne peut procéder valablement à la mise en oeuvre de l'application du Dina qu'en présence de la majorité absolue de ses membres.

Article 24.- Les décisions sont prises à la majorité absolue des membres présents du Comité exécutif du Dina et du Fokonolona membre du Dina.

Article 25.- Il est interdit à tout membre du Comité de prendre part à la délibération d'une affaire qui le concerne ou met en cause les membres de sa famille.

Article 26.- Tout membre du Comité ayant commis des fautes graves dans l'exercice de ses responsabilités est démis d'office de ses fonctions sans préjudice des poursuites judiciaires.

Sont notamment considérées comme fautes graves telles que visées à l'alinéa premier ci-dessus, les cas d'absences répétées non justifiées aux réunions du Comité.

La démission d'office est constatée par décision du Délégué Administratif d'Arrondissement ou du représentant de l'Etat territorialement compétent conformément à la délibération de membres du Comité exécutif du Dina et du Fokonolona membre du Dina.

Article 27.- Les membres du Comité exécutif du Dina perçoivent une indemnité

forfaitaire fixée par le Fokonolona ou la collectivité territoriale décentralisée concernée.

Cette indemnité est supportée par la caisse du Dina constituée par les vonodina.

Article 28.- Les dépenses relatives au fonctionnement du Comité sont prises en charge par la caisse du Dina ou par la collectivité territoriale décentralisée concernée, selon le cas.

A cet effet, le Comité exécutif du Dina doit tenir un registre de comptabilité de caisse.

Chapitre III

Des dispositions particulières aux Dina relatifs au vol de bœufs

Article 29.- Nonobstant les dispositions de l'article 6 ci-dessus, les Dina relatifs aux vols de bœufs régulièrement adoptés dans les conditions fixées par la présente Loi s'appliquent au moins au Fokonolona d'une sous-préfecture.

Dans tous les cas, le Dina adopté dans le lieu où le vol a été commis est applicable de plein droit.

Le Dina doit prévoir des mesures préventives, notamment la surveillance et le contrôle des passages obligés généralement appelés "kizo", le nettoyage desdits passages, la répercussion du signal d'alerte et le pistage des traces afin de faciliter la poursuite des voleurs de bœufs.

Le village qui entend l'alerte a le devoir de le transmettre par tous les moyens et sans tarder aux autres villages environnants. Le village ou ceux qui auront failli aux obligations prévues aux alinéas précédents seront sanctionnés par le Dina.

Article 30.- Tout vol de bœufs doit être déclaré par le propriétaire dans un délai de 48 heures au Président du Fokontany qui en saisit immédiatement les autorités compétentes.

Article 31.- Le Président du Fokontany vérifie si les bœufs déclarés volés sont régulièrement inscrits dans le cahier de contrôle dit "bokin'omby" et délivre au propriétaire une attestation valant autorisation de poursuite.

Article 32.- L'application du Dina s'effectue par la procédure du "kabary fototra" dont l'objet consiste à procéder à l'audition des parties et à l'issue de laquelle le Comité exécutif du Dina rend sa décision par écrit. En cas d'absence de l'une des parties, les dispositions de l'alinéa 3 de l'article 10 ci-dessus sont applicables.

Le Comité peut, en tant que de besoin, faire appel à des témoins.

La décision du Comité est consignée dans un procès-verbal établi à l'issue de la procédure d'application du Dina dont copie est adressée au représentant de l'Etat et au Tribunal territorialement compétents et notifiée aux parties.

Article 33.- La décision du Comité exécutif du Dina s'applique immédiatement nonobstant toutes voies de recours.

Il sera procédé éventuellement aux réparations prévues par le Dina.

Article 34.- En cas de refus d'exécution, il sera procédé à l'exécution forcée conformément aux dispositions de l'article 12 ci-dessus.

Chapitre IV **Du Dina-Type dit "DINA LASITRA "**

Article 35.- Le "DINA LASITRA" joint en annexe à la présente Loi constitue un modèle type de Dina.

Dans tous les cas, les dispositions du Dina lasitra peuvent être appliquées, mutatis mutandis, au niveau d'un hameau, village, Fokontany, commune, sous-préfecture, région ou d'une province autonome en vertu des articles 4, 5 et 6 de la présente Loi.

Article 36.- Par application des dispositions de l'article 35 ci-dessus, le "DINA LASITRA" peut être adapté en fonction des traditions et coutumes locales parfaitement établies sous réserve du respect des dispositions des lois et règlements en vigueur.

Chapitre V
Dispositions finales

Article 37.- Les dispositions de la présente Loi sont applicables aux Dina autres que ceux relevant de la sécurité publique.

Article 38.- Les modalités d'application de la présente Loi feront, en tant que de besoin, l'objet de textes réglementaires.

Article 39.- Sont et demeurent abrogées, toutes dispositions antérieures contraires à la présente Loi.

Article 40.- La présente Loi sera publiée au Journal Officiel de la République. Elle sera exécutée comme Loi de l'Etat.

Antananarivo, le 27 juillet 2001

LE PRESIDENT DU SENAT,

LE PRESIDENT DE L'ASSEMBLEE NATIONALE,

RAKOTOMANANA Honoré.
F.

ANDRIANARISOA Ange C.

REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Tanindrazana - Fahafahana - Fandrosoana

LALANA LAHARANA FAHA- 2001-004

**anaovana fitsipika ankapobe mifehy ny Dina eo amin'ny lafin'ny
fandriampahalemam-bahoaka**

FAMELABELARANA NY ANTONANTONY

Efa nisy hatramin'ny fahagolan-tany ny Dina teto Madagasikara na natao ambava izany na antsoratra. Ny rafitra nametrahana azy teo amin'ny Fokonolona: fiombonamben'ny mpiara-belona, tontolo iainana ary lafim-pitondrana.

Ny Dina, fifanarahana iombonan'ny tena malagasy dia neverina ho toy ny fitambaran'ny fitsipika nentin-drazana nandaminana ny fiaraha-monina, ary amin'izany, dia noforonina tahaka ny avy amin'ny tena sitrapon'ny mponina ary nekena arak'izany, satria ireo nila azy mihitsy no nanangana azy.

Betsaka tsy hay tanisaina ny maha zava-dehibe ny fisian'ny Dina ary ny fiantraikany eo amin'ny endriny samihafa dia miova araka ny faritra, noho ny tsy fisian'ny fitoviana tanteraka eo amin'ny fomban-drazana.

Ny Dina sasany izay voavolavola tao anatin'ny rafitry ny politikan'ny Governemanta mba handraisana fepetra hampandry fahalemana ny valalabemandry dia nanaraka ny foto-kevitra nitondrana azy ka saika namongotra hatramin'ny fakany ny loza nentin'ny DAHALO (Dinan'i Toliary, Dinan'ny fandriampahalemana, Dinan'ny Mpihary...).

Na izany aza, ny fampiharana azy ireo dia nahitana lafi-ratsiny sasantsasany: fifanitsahana eo amin'ny andraikitry ny manampahefana ara-pitsarana, fanaparana sy fanararaotana izay ts'izy ataon'ny mpitarika Dina sasany, fitongilanana amin'ny Lalàn'i "Talion" : famonoana ho faty ny olona voasambotra...

Eo anoloan'ny fihanaky ny asan-jiolahy, ny fiovan'ny Dina sasantsany dia tonga hatramin'ny faminavinana Vonodina mihoa-pampana, famonoana ny olo-meloka ohatra, na fampiharana fepetra hita fa mifanohitra amin'ny ara-dalàna ka mitondra fisorovoroana amin'ny fijery azy, tsy eo anivon'ny mponina fotsiny ihany fa tonga hatrany amin'ny ambaratongan'ny fahefam-panjakana. Ny Dina noheverina fa fampitomboana izay ts'izy ny Lalàna mifanindran-dalàna eo an-toerana ka sarotra harahi-maso.

Noho izany, misy ny olona naniry ny fanafoanana azy ka ny Lalàna sy ny didy amampitsipika manan-kery no navela hiatra.

Misy anefa ireo tohan-kevitra manamarina ny Dina : ireo mpomba azy dia milaza fa ny Dina ho fomba tsara indrindra mifamatotra amin'ny fahombiazana eo amin'ny fandaminana ny fiaraha-monina nentin-drazana, fomba fanao tena demokratika entina hampandraisana andraikitra ny mponina any ambanivohitra indrindra eo amin'ny lafiny fandriampahalemana ary singanina amin'izany ny ady mahomby amin'ny halatr'omby.

Ankoatra izany, sarotra ny miala tampoka amin'ny fomba mahazatra sy ny nentin-drazana, tahaka ny Dina, izay raiki-tapisaka ao amin'ny fiainana andavanandron'ny mponina

nandritra ny taona maro ary mifanaraka amin'ny foto-kevitra ny demokrasia, fanampin'izany ny Lalàna manan-kery ankehitriny, dia miaiky ny fananany lanja (jereo ny andininy faha-472, 7^e sy 8^e ao amin'ny Fehezandalàna Famaizana ary ny andininy faha 36, 13-n'ny Lalàna laharana faha-94-008 tamin'ny 26 aprily 1995 manoritra ny fitsipika mikasika ny fandaminana, ny fomba fiasa ary ny anjara raharahan'ny vondrom-bahoakam-paritra fanapariaham-pahefana). Ny maha aradalàna ny fihazonana ny Dina dia tokony heverina ho marina sy mazava.

Mba hialàna amin'ny fanaparana sy ny fanararaotana dia tokony afaka manara-maso ny Dina ny fitondram-panjakana amin'ny fampidirana azy mazava tsara ao anatin'ny fandaminam-pitsarana anatin'ny.

Manaraka izany hevitra izany ity Lalàna ity ary ny Dina lasitra atovana aminy. Avy tamin'ny hevi-baventy sy hevitra natolotry ny atrikasa 6 eo amin'ny seha-paritany ka atrikasa iray isaky ny faritany natao tamin'ny taona 1999 ary atrikasa ao amin'ny seha-pirenena natao tamin'ny faha 27, 28 ary 29 aprily 2000 tany Fianarantsoa no namolavolàna azy entina hanamafisana ny asa tarihin'ny Governemanta mba hanatsarana ny fandriampahalemam-bahoaka.

Ireo atrikasa ireo dia nahitàna ny fandraisana anjaran'ireo tompon'andraikitra samihafa ao amin'ny departemanta dimy ny Minisitera mikasika mivantana ny fandriampahalemam-bahoaka, ireo tompon'andraikitra samihafa eo amin'ny ambaratongan'ny Faritany, ireo Solombavambahoakan'i Madagasikara, ireo Ben'ny tanàna sy ireo Mpanolotsaina ao amin'ny kaominina ary koa ireo “mpizaka Dina”-n'ny faritra voakasik'izany.

Ny votoatin-kevitra lehibe amin'izao Lalàna izao sy ny Dina lasitra dia miompana amin'ny :

LALANA ANAOVANA NY FITSIPIKA ANKAPOBE MIFEHY NY DINA EO AMIN'NY LAFINY FANDRIAMPAHELAM-BAHOAKA.

Ny fepetra ankapobe : famariparitana ny Dina, ny ao anatin'ny sy ny sehatra ampiharana azy ary ny vonodina.

Ny satam-pitondrana ny Dina eo anatrehan'ny Lalàna : ny Dina dia lanian'ny maro an'isa amin'ny mpikamban'ny Fokonolona feno 18 taona katroka, tonga nanatrika ny fivoriambe ho an'ny vohitra, ny tanàna na ny Fokontany.

Eo anivon'ny kaominina, ny Dina dia lanian'ny maro an'isa amin'ny solontena tondroin'ny fitambaran'ny mpikambana ao amin'ny Fokonolona isaky ny vohitra, isaky ny tanàna ary isaky ny Fokontany sy ireo solontena tendren'ny Filankevitry ny kaominina amin'ny mpikambana ao aminy.

Eo amin'ny vakim-pileovana, ny faritra, ny faritany mizakatena, ny Dina dia laniana amin'ny fanapahan-kevitra ifanarahana raisin'ny maro an'isan'ny solontena voalaza etsy ambony eo anivon'ny kaominina.

Amin'ny fisehoan-javatra rehetra, ny Dina dia tsy tanterahana raha tsy efa nahazo fanomezan-kery avy amin'ny Tribonaly ara-pitsarana tompon'andraikitra ny faritra.

Ny firafitry ny fampiharana ny Dina : io sokajy io dia milaza mazava fa misy komity antsoina hoe Komity mpanatanteraka ny Dina atsangana eo anivon'ny isam-pokontany, ny vakim-pileovana ary ny vondrom-bahoakam-paritra itsinjaram-pahefana izay nahavitana Dina.

Ny fepetra manokan'ny Dina mikasika ny halatr'omby : misongadina ao anatin'io toko io fa ny Dina mikasika ny halatr'omby dia mihatra fara fahakeliny amin'ny Fokonolona ao amin'ny vakim-pileovana iray.

Misy koa fepetra maminavina ny fisorohana ny halatr'omby toy ny fiambenana ny kizo, ny antso fanairana, ny fanaraha-maso ny bokin'omby, ny fanatanterahana an-keriny ny vonodina raha toa misy fanoherana ny fanapahana noraisin'ny Komity mpanatanteraka ny Dina.

NY DINA LASITRA

Ny karazana Dina atovana amin'ity Lalàna anaovana ny fitsipika ankapobe mifehy ny Dina eo amin'ny lafiny fandriampahalemam-bahoaka dia maminavina mialoha ny adidy aman'andraikitra miandry ny Fokonolona eo amin'ny lafiny fandriampahalemana ankapobe (halatr'omby, fitanana fitaovam-piadiana, fahamamoana ampahibemaso, fanimbazimbana ny fasana sy ny toeram-pilevenana, fanimbàna voly, ny fitsipiky ny tsena sns...).

Tsy adino amin'izany ny fahadiovana sy ny fahasalamam-bahoaka.

Farany, ny fepetra mikasika ny halatr'omby dia natao amin'ny antsipirihany ao anatin'ny toko iray lava ihany.

Izany sy izany, no antonanton'ity Lalàna ity.

REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Tanindrazana - Fahafahana - Fandrosoana

LALANA LAHARANA FAHA- 2001-004

**anaovana fitsipika ankapobe mifehy ny Dina
 eo amin'ny lafin'ny fandriampahalemam-bahoaka.**

Nolanian'ny Antenimierampirenena sy ny Antenimierandoholona tamin'ny fivoriana izay nataony avy ny faha 16 mey 2001 sy ny faha 27 jolay 2001 izao Lalàna manaraka izao :

Toko I
Fepetra ankapobe

Andininy voalohany. - Ny Dina dia fifanarahana iombonana noraiketina an-tsoratra, ankalalahana ary lanian'ny maro an'isan'ny mpikambanan'ny Fokonolona feno valo ambin'ny folo taona , na arakaraky ny zava-misy, amin' ny solontenany voatendry ao amin'ny andininy faha-6 amin'izao Lalàna izao.

Andininy faha 2. Ny Dina dia manoritra ny fepetra izay hitan'ny mponina voakasik'izany fa ilaina amin'ny fandrindrana ny fiainana ara-tsosialy sy ara-toekarena ary ny fandriampahalemana araka ny zava-misy eo an-toerana, mba hahafahany manatontosa ireo anjara raharaha lehibe tsy maintsy sahaniny entina hiantohana ny fanabeazana ny olom-pirenena eo amin'ny lafin'ny fitiavan-tanindrazana ao anatin'ny rafitra mifototra amin'ny fandraisan'ny mponina an-tànana ny fandriampahalemana, mba hampiroborobo ny fampandrosoana sy ny fandrosoana ara-tsosialy ary manangana fitsipi-pitondrantena itambarana ahafahana mitandro ny filaminana sy ny fandriampahalemam-bahoaka.

Tsy maintsy mifanaraka amin'ny Lalàna sy didy amam-pitsipika manan-kery ny Dina rehetra.

Amin'ny fisehoan-javatra rehetra, ny Dina azo ampiarina dia ny Dinan' ny toerana izay nanaovana ny fihetsika na tsy nanaovana izay tokony ho natao ka mendrika ho saziana.

Andininy faha-3. - Ny fandikàna ny fitsipika soritan'ny Dina dia mitarika ny fampiharana ny VONODINA izay mifototra amin'ny fanonerana ara-bola na ara-javatra ho tombotsoan'ny niharam-pahavoazana sy ny Fokonolona arak'izay voalazan'ny Dina.

Toko II

Ny amin'ny Satam-pitondràna ny Dina eo anatrehan'ny Lalàna

Sokajy 1

Ny amin'ny famolavolana sy ny fandaniahana ny Dina.

Andininy faha-4. - Ny Fokonolona sy ny solontena izay voalazan'ny andininy voalohany etsy ambony no manana fahefana hamosan-kevitra anaovana Dina.

Afaka manolotra volavolan-Dina amin'ny manam-pahefana tompon'andraikitra eo an-toerana mba aroso hodinihan'ny Fokonolona na ny solontenany ny vondron'olona rehetra.

Andininy faha-5. - Eo amin'ny famolavolana ny Dina, dia afaka miantso ny Olomboafidy, ny teknisianim-panjakana ao amin'ny faritra sy ny Fitsarana misahana ny ady madio sy ady heloka ary ny mpitandro filaminana tompon'andraikitra ny faritra ny Fokonolona.

Andininy faha-6. -Eo amin'ny ambaratongan'ny vohitra sy ny tanàna ary ny Fokontany, ny Dina dia lanieran'ny maro an'isan'ny mpikambana ao amin'ny Fokonolona.

Ny Dina rehetra azo ampiharina eo anivon'ny kaominina dia lanian'ny maro an'isa amin'ny solontena tondroin'ny fitambaran'ny mpikambana ao amin'ny Fokonolona isaky ny vohitra, ny tanàna, ny Fokontany ary ireo solontena tendren'ny Filankevitry ny kaominina amin'ny mpikambana ao aminy.

Ny Dina rehetra azo ampiharina eo anivon'ny vakim-pileovana, ny faritra na faritany mizakatena dia lany amin'ny fanapahan-kevitra hifanarahana noraisin'ny maro an'isa amin'ny solontena voalazan'ny andalana etsy ambony eo anivon'ny kaominina.

Sokajy 2

Ny amin'ny fanomezan-kery ny Dina

Andininy faha-7. -Tsy azo tanterahina ny Dina raha tsy efa nahazo fanomezan-kery avy amin'ny ny Fitsarana misahana ny ady madio sy ny ady heloka tompon'andraikitra ny faritra na ny Fitsarana ambony ary nampahafantarina ampahibemaso tamin'ny alalan'ny peta-drindrina, kabary na fomba fampahafantarana hafa ny besinimaro.

Andininy faha-8. Ao anatin'ny 30 andro manaraka ny fandaniahana azy, ny volavolan-Dina dia alefan'ny Ben'ny tanàna any amin'ny Filankevitry monisipaly na kaomininaly

Manana 15 andro manomboka amin'ny vaninandro naharaisany ny volavolan-Dina ny Filankevitry mba hanehoany ny heviny ary handefasany izany any amin'ny solontenam-panjakana.

Halefan'ny solontenam-panjakana any amin'ny Fitsarana misahana ny ady madio sy ny ady heloka tompon'andraikitra ny faritra izany ao anatin'ny 15 andro rehefa nanomezany ny heviny. Io fetrandro io dia manomboka amin'ny vaninandro naharaisany ilay volavolan-Dina.

Ny antontan-taratasy dia alefa any amin'ny Tonian'ny fampanoavana mba anaovany antoratra ny fehin-teniny telo andro aorian'ny naharaisan'ny fampanoavana azy.

Andininy faha 9. - Ny Filohan'ny Tribonaly ambaratonga voalohany tompon'andraikitra ny faritra na ny mpitsara misolo azy dia tsy maintsy mamoka didy araka ny fitondran-draharaha amin'ny ady maika.

Tsy maintsy lazaina ny anton'ny nandàvana ny fanomezan-kery ny Dina.

Amin'ny fisehoan-javatra rehetra, dia azo ampiakarina fitsarana ambony ny didy navoakan'ny Tribonaly mahefa ara-paritra.

Iray volana no fe-potoana ahazoana mampiakatra fitsarana ambony.

Ny fampiakarana dia tsarain'ny Filoha Voalohan'ny Fitsarana Ambony izay tsy maintsy mamoka didy ao anatin'ny (15) andro.

Ny didy navoaka dia tsy azo hangatahana fandravàna.

Ny Dina nahazo fanomezan-kery dia apetraka isan- tanàna ary any amin'ny biraom-pokontany mba ho zahan'ny besinimaro.

Sokajy 3 **Ny amin'ny fampiharana ny Dina**

Andininy faha 10. - Mihatra avy hatrany ny Dina nahazo fanomezan-kery aradalàna, izany anefa tsy misakana ny fanenjehana momba ny ady heloka. Amin'ny fisehoan-javatra rehetra, ny fitoriana mikasika ny fangatahana onitra dia mahaleotena eo anoloan'ny fitoriana momba ny ady heloka.

Tsy maintsy hifanatrehan'ny mpiady ny fizotran'ny fombafomba fampiharana ny Dina.

Na izany aza anefa, ny tsy fahatongavan'ny iray amin'ny mpiady noho ny haratsiampanahy na ny fitazonana vonjimaika araka ny didy navoakan'ny mpitsara dia tsy manohitohina ny fizotran'ny fombafomba fampiharana ny Dina.

Andininy faha 11. - Tsy misy fahefam-panjakana na fahefam-pitsarana na fahefan'olom-boafidy na mpikamban'ny mpitandro filaminana afaka mirotsaka amin'ny fanapahana raisin'ny Komity mpanatanteraka ny Dina.

Eo amin'ny lafiny fangatahana onitra, ny Tribonaly tompon'andraikitra eo amin'ny faritra nametrahana fitoriana aradalàna dia mampihantona ny fitsarana mandra-pahavitan'ny fandraisana an-tanàna ny raharaha ataon'ny Komity mpanatanteraka ny Dina izay voalaza ao amin'ny andininy faha-15 sy ny manaraka amin'ity Lalàna ity.

Mba hiantohana ny fitazonana na ny famerenana amin'ny laoniny ny filaminambahoaka, ny solontenam-panjakana tompon'andraikitra ao amin'ny faritra dia afaka miantso ny mpitandro filaminana na raha ilaina izany dia afaka mangataka, araka ny fomba voalazan'ny Lalàna, ny firotsahan'ny andian'ny zandarmaria sy ny tafika mitoby ao amin'ny fari-piadiadiany .

Andininy faha 12. - Raha misy fandàvana ny fanatanterahana, ny Komity mpanatanteraka ny Dina dia mampahafantatra ilay na ireo fatra-pandà fa ho tanterahina ankeriny ny vonodina.

Ny solontenam-panjakana tompon'andraikitra ao amin'ny faritra dia mangataka tsy misy hatakandro raha vao mahafantatra ny tsy fanatantarehana ny Dina, ny mpitandro filaminana mba hanatanteraka an-keriny ny vonodina.

Andininy faha 13. - Na manao ahoana na manao ahoana, raràna mafy ny endrika fanomezan-karama rehetra na zavatra ho an'ny manampahefana ara-pitondrana, ara-pitsarana ho an'ny Olom-boafidy ary ho an'ny mpitandro filaminana eo amin'ny fampiharana ny Dina.

Hosaziana roa ka hatramin'ny folo taona an-tranomaizina sy lamandy tsy maintsy

efaina mitentina 15.000 ka hatramin'ny 1.500.000 Ia ny mpandray na ny mpanolotra fanomezana amin'ny endrika samihafa voalazan'ny andalana etsy ambony.

Andininy faha 14. - Iharan'ny sazy voalazan'ny andininy faha 400 paragirafy 3 ao amin'ny Fehezandalàna famaizana, izay rehetra nanao fihetsika na ninia manadino mba hoentina hanembatsambanana ny asan'ny Komity mpanatanteraka ny Dina.

Raràna mafy, mandra-pahavitan'ny asan'ny Komity mpanatanteraka ny Dina nany Tribonaly, ny fanodikodinana rehetra, ny fanapotehana rehetra, ny fivarotana rehetra ny zavatra fototry ny ady, raha tsy izany dia voasazy araka ny andininy faha 400 sy ny manaraka ao amin'ny Fehezandalàna famaizana.

Sokajy 4

Ny firafitry ny fampiharana ny Dina

Fizaran-tsokajy 1

Ny Komity mpanatanteraka ny Dina

Andininy faha 15. - Mba ho fampiharana ny Dina vita ara-dalàna, dia atsongana eo anivon'ny Fokontany, ny vakim-pileovana ary ny vondrom-bahoakam-paritra itsinjaram-pahefana, ny komity antsoina hoe : Komity mpanatanteraka ny Dina araka ny fepetra voalazan'ity Lalàna ity.

Araka ny fisehoan-javatra, io Komity io dia miandraikitra ny fampiharana ny Dina eo amin'ny :

- mpikamban'ny Fokonolona ao amin'ny Fokontany iray ;
- mpikamban'ny Fokonolona ao amin'ny Fokontany roa na maromaro ao anatin'ny kaominina iray ;
- mpikamban'ny Fokonolona ao amin'ny kaominina roa na maromaro ao anatin'ny vakim-pileovana iray ;
- mpikamban'ny Fokonolona ao amin'ny vakim-pileovana roa na maromaroao anatin'ny faritra iray ;
- mpikamban'ny Fokonolona ao amin'ny faritany mizakatena iray na maromaro.

Andininy faha 16. - Dina no mametra ny isan'ny mpikambana ao amin'ny Komity mpanatanteraka ny Dina voalazan'ny andininy faha 15 etsy ambony.

Andininy faha 17. - Amin'ny fananganana ny Komity mpanatanteraka ny Dina, ny Fokonolona na ny fitambaran'ny solontenany isaky ny ambaratonga voalazan'ny andalana faha 2 sy faha 3-n'ny andininy faha 6 etsy ambony, no mifidy ireo mpikambana ao amin'ny Biraon'ny Komity mpanatanteraka ny Dina.

Ny Biraon'ny mpanatanteraka ny Dina dia ahitana :

- Filoha iray ;
- Filoha Lefitra iray ;
- Mpitahiry vola iray ;
- Mpitahiry vola Lefitra iray ;
- Mpitan-tsoratra iray ;
- Mpanolontsaina.

Ny mpikambana ao amin'ny Biraon'ny mpanatanteraka ny Dina dia fidin'ny mpikamban'ny Fokonolona amin'izy samy izy araka ny voalazan'ny andininy faha-15 etsy ambony.

Lisitra iray ataon'ny manampahefana tompon'andraikitra ao amin'ny faritra no milaza

ny fahalanian'ireo olona ireo ka ny faharetan'ny asany dia herin-taona azo havaozina.

Fizaran-tsokajy 2

Ny paika arahina eo amin'ny Komity mpanatanteraka ny Dina

Andininy faha 18. - Avy amin'ny fangatahana ataon'ny mpitory amin'ny Filohan'ny Komity mpanatanteraka ny Dina no andraisan'ny Komity an-tànana ny raharaha.

Ny ahitana fototra izany fitoriana izany dia ny fanoratana azy ao amin'ny boky natokana ho amin'izany ary omena tapakila fanamarinana ny mpangataka.

Andininy faha 19. - Fiantsoana an-tsoratra izay ataon'ny Filohan'ny Komity mpanatanteraka ny Dina no ampahafantarana ny mpiady, izany dia atao dimy ambiny folo (15) andro katroka fara fahakeliny alohan'ny andro voatondro hanaovana fanadihadiana ny raharaha.

Andininy faha 20. - Tsy maintsy manapa-kevitra ao anatin'ny valo (8) andro raha kely indrindra ary telopolo (30) andro raha be indrindra manomboka amin'ny vaninandro nandraisana ny tapakila ny fivoriambe.

Raha toa ny fivoriambe tsy nanapa-kevitra ao anatin'ny fe-potoana voafetra eo amin'ny andalana etsy ambony, dia azon'ny mpangataka atao ny mampiditra ny ady any amin'ny Tribonaly miandraikitra ny ady madio sy ny ady heloka tompon'andraikitra ny faritra ao anatin'ny dimy (5) andro manaraka ny fahataperan'izany fe-potoana izany.

Andininy faha 21. - Mitàna rejisitry ny fanapahan-kevitra, voaisa ravina sy vita sonia rangopohin'ny Delegem-panjakana ao amin'ny boriboritany na ny solontenam-panjakana tompon'andraikitra ny faritra na ny Olom-boafidy, ny Komity mpanatanteraka ny Dina ka amin'izany no iandraiketana ny fitànana an-tsoratra.

Dika iray mitovin'ny fitanana an-tsoratra no alefa any amin'ny solontenam-panjakana, any amin'ny Tribonaly tompon'andraikitra ny faritra, any amin'ny Olom-boafidy ary homena iray isanisany ny roa tonta.

Andininy faha 22. Afaka mampiakatra fitsarana any amin'ny Tribonaly misahana ny ady madio sy ady heloka mahefa ara-paritra ao anatin'ny 15 andro manomboka amin'ny fanapahana noraisin'ny Komity mpanatanteraka ny Dina raha toa ka nifanatrehana izany na manomboka ny vaninandro nanaovana ny fampahafantarana ny fanapahana amin'ilay tsy tonga, raha tsy nifanatrehana izany, raha toa mahatsiaro maty antoka ny iray amin'ny mpiady mikasika ny fanapahana noraisin'ny Komity mpanatanteraka ny Dina.

Ny fampiakarana ny raharaha eo anatrehan'ny Tribonaly misahana ny ady madio sy ady heloka tompon'andraikitra ao amin'ny faritra dia tsy mampihantona ny fampiharana ny vonodina.

Ny Tribonaly voalazan'ny andalana voalohany etsy ambony, dia mitsara sady voalohany no farany ny raharaha ao anatin'ny 30 andro manomboka ny vaninandro naharaisany ny fitoriana. Ny adihevitra tarihin'ny Filoha dia atao ao amin'ny Renivohitry ny Fivondronana rehefa nohenoina ireo mpikambana ao amin'ny Komity mpanatanteraka ny Dina, ny solontenam-panjakana tompon'andraikitra ao amin'ny faritra ary ny Olom-boafidy. Raha tsy tonga ny olona toriana, dia tsarainy araka ny antontan-taratasy eo an-tanany ny raharaha.

Fizaran-tsokajy 3

Fitsipika amin'ny fampandehanan-draharahan'ny Komity mpanatanteraka ny Dina

Andininy faha 23. - Tsy afaka manao ny fampiharana ny Dina ara-dalàna ny Komity

raha tsy eo anatrehan'ny antsasa-manilan'ny mpikambana.

Andininy faha 24. - Ny fanapahana dia raisin'ny antsasa-manilan'ny mpikambana ao amin'ny Komity mpanatanteraka ny Dina tonga manatrika sy ny Fokonolona mpikambana ao amin'ny Dina.

Andininy faha 25. - Raràna ho an'ny mpikambana rehetra ao amin'ny Komity ny mandray anjara amin'ny fanapahana ny raharaha mikasika ny tenany na mikasika ny olona ao amin'ny fianakaviany.

Andininy faha 26. - Izay mpikambana rehetra ao amin'ny Komity ka manao fahadisoana lehibe eo am-panatontosana ny andraikiny dia esorina avy hatrany amin'ny asany ary izany dia tsy misakana ny fanenjehana azy ara-pitsarana.

Heverina indrindra ho fahadisoana lehibe araka ny voalazan'ny andalana voalohany etsy ambony, ny tsy fahatongavana manatrika fivorian'ny Komity matetika nefa tsy misy fanamarinana ny anton'izany.

Ny fanesorana avy hatrany dia hita fototra amin'ny alalan'ny fanapahana raisin'ny Delegem-panjakana ao amin'ny boriboritany na ny solontenam-panjakana tompon'andraikity ny faritra araka ny fanapahan-kevity ny mpikambana ao amin'ny Komity mpanatanteraka ny Dina sy ny Fokonolona mpikambana ao amin'ny Dina.

Andininy faha 27. - Ny mpikambana ao amin'ny Komity mpanatanteraka ny Dina dia mahazo tambin-karama raikitra izay feran'ny Fokonolona na ny vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana voakasik'izany .

Zakain'ny tahirim-bolan'ny Dina azo avy amin'ny vonodina io tambin-karama io.

Andininy faha 28. - Ny lany amin'ny fampandehanan-draharahan'ny Komity dia raisin'ny tahirim-bolan'ny Dina an-tànana na zakain'ny vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana voakasik'izany, arakaraka ny fisehoan-javatra.

Amin'izany, ny Komity mpanatanteraka ny Dina dia tsy maintsy mitana boky firaiketana ny miditra sy ny mivoaka ao amin'ny tahirim-bolany.

TOKO III

Ny fepetra manokana momba ny Dina mikasika ny halatr'omby

Andininy faha-29. - Na dia eo aza ny fepetra voalazan'ny andininy faha 6 etsy ambony, ny Dina mikasika ny halatr'omby izay lany ara-dalàna araka ny fepetra voafarit'izao Lalàna izao dia mihatra fara fahakeliny amin'ny Fokonolona ao amin'ny vaki-pileovana iray.

Amin'ny fisehoan-javatra rehetra, ny Dina lany tao amin'ny toerana nisian'ny halatra dia ampiharina tsy misy fepetra.

Ny Dina dia tsy maintsy maminavina mialoha ny fepetra fisorohana, indrindra indrindra mikasika ny fiambenana sy ny fanaraha-maso ireo làlana voatery tsy maintsy haleha izay antsoina hoe kizo, ny famafana ireo làlana ireo, ny fampitàna ny antso fanairana ary ny fanarahan-dia mba hanamorana ny fanenjehana ny mpangalatr'omby.

Ny tanàna mahare ny fanairana dia manana adidy hampita izany avy hatrany amin'ny fomba rehetra amin'ny tanàna hafa manodidina. Izay tanàna na izay tsy manatanteraka io fepetra voalazan'ny andalana etsy ambony io dia ho faizin'ny Dina.

Andininy faha-30. - Ny halatr'omby rehetra dia tsy maintsy anaovan'ny tompony fanambaràna ao anatin'ny valo ambin'ny efapolo ora any amin'ny Filohan'ny Fokontany izay mitondra ny raharaha avy hatrany any amin'ny manampahefana tompon'andraikitra.

Andininy faha-31. - Ny Filohan'ny Fokontany dia manamarina raha toa ka voasoratra ara-dalàna ao anatin'ny kahie fanaraha-maso antsoina hoe bokin'omby ny omby nanaovana fanambàrana fa nisy nangalatra ary manome ny tompon'ny omby taratasy fanamarinana izay manana lanja fanomezan-dàlana hanao fanenjehana.

Andininy faha-32. - Ny fampiharana ny Dina dia atao amin'ny alalan'ny kabary fototra izay miompana amin'ny fihainoana ny mpiady ary avy amin'izany no andraisan'ny Komity mpanatanteraka ny Dina fanapahana an-tsoratra. Raha toa ka tsy tonga ny iray amin'ireo mpiady dia ampiharina ny fepetra voalazan'ny andalana fahatelon'ny andininy faha-10 etsy ambony.

Ny Komity dia afaka miantso vavolombelona, raha ilaina izany.

Ny fanapahana raisin'ny Komity izay mamarana ny paika arahina amin'ny fampiharana ny Dina, dia raiketina ao anaty fitàna an-tsoratra ka andefasana dika mitovy amin'izany ny solontenam-panjakana sy ny Tribonaly tompon'andraikitra ny faritra ary ampahafantarana ny mpiady.

Andininy faha-33. -Ny fanapahana raisin'ny Komity mpanatanteraka ny Dina dia mihatra avy hatrany na dia misy aza fampakaran-draharaha.

Hatao ny fanonerana voalazan'ny Dina raha misy izany.

Andininy faha-34. -Raha misy fandavana fanatanterahana dia hatao ny fanatanterahana an-keriny araka ny voalazan'ny fepetra ao amin'ny andininy faha-12 etsy ambony.

TOKO IV Ny " DINA LASITRA "

Andininy faha-35. - Ny "DINA LASITRA" atovana amin'izao Lalàna izao dia natao ho modelin'ny Dina.

Amin'ny fisehoan-javatra rehetra, ny Dina Lasitra dia azo ampiharina ary azo ovàna izay tokony ovàna eo anivon'ny vohitra, tanàna, Fokontany, kaominina, vakim-pileovana, faritra na faritany mizakatena iray araka ny voalazan'ny andininy faha-4, faha-5 sy faha-6 amin'izao Lalàna izao.

Andininy faha-36. - Amin'ny fampiharana ny fepetra entin'ny andininy faha 35 etsy ambony, ny DINA LASITRA dia azo ampifanarahana amin'ny fomba amam-panao nentin-drazana efa tena fampihatra eo an-toerana raha toa izany ka manaja ny fepetra voalazan'ny didy aman-dalàna manan-kery.

TOKO V Fepetra farany

Andininy faha-37. - Ny fepetra entin'izao Lalàna izao dia ampiharina amin'ny Dina hafa ankoatran'ireo mahakasika ny filaminam-bahoaka.

Andininy faha-38. - Ny fombafomba fampiharana izao Lalàna izao dia hanaovana rijan-tenin-didy amam-pitsipika araka izay ilaina azy.

Andininy faha-39. - Foanana ary dia foana avokoa ny fepetra rehetra natao teo aloha mifanohitra amin'izao Lalàna izao.

Andininy faha-40.- Havoaka amin'ny Gazetim-panjakan'ny Repoblika izao Lalàna izao.
Hankatoavina izany fa Lalàm-panjakana.

Antananarivo, faha 27 jolay 2001

**NY FILOHAN'NY
ANTENIMIERANDOHOLONA,**

**NY FILOHAN'NY
ANTENIMIERAMPIRENENA,**

**RAKOTOMANANA Honoré.
F.**

ANDRIANARISOA Ange C.